
NY TANTARAM-
PIAINANAO


"Dia hilaza amin'ny fanahiko hoe aho: Ry fanahy ô, manana fananana be voatahiry ho amin'ny taona maro ianao; mitsahara, mihinàna, misotroa, mifalia." Lioka 12:19


FA INONA...?
"Fa Andriamanitra kosa nanao taminy hoe: Ry adala, anio alina no halaina aminao ny fanahinao, ka ho an'iza izay zavatra noharinao?" Lioka 12:20


"Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana," Heb 9:27


OLONA TSARA FANAHY IZY
"Fa samy efa tahaka ny olo-maloto izahay rehetra, ary tahaka ny lamba mihosin-drà ny fahamarinanay rehetra; Malazo tahaka ny ravina izahay rehetra, ary ny helokay mipaoka anay tahaka ny rivotra," Isaia 64:5


"Aza gaga amin'izany; fa avy ny andro* izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony" Jaona 5:28
MITSANGANA
Inona no mahazo ahy? Andraso alo!Efa maty anie aho e,efa vita ny zavatra rehetra!
"dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'fitsanganana ho fahamelohana" Jaona 5:29
FITSARANA?...Tsy fantatrao! Ny lanitra sy ny helo anie ety antany ambany ety e! izany foana no nolazaiko!
Avia!manana fifamotoana ianao
Misy olona ve any ankoatra any?
Eny, marobe ireo izay any
Inty ny toeran-kalehanao
Fa izaho tsy afaka mino fa tonga amiko izao
Jereo fa nanana FIAINANA TENA TSARA ihany aho,izay tsy hafa nohon'ny an'ny hafa
Voasoratra avokoa ny zavatra rehetra
AVY EO!
"araka ny voasoratra hoe: Tsy misy marina na dia iray akory aza;" Romana 3:10



"Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany." Apokalypsy 20:12











"Fa tsy misy takona izay tsy ho hita, na miafina izay tsy haseho." Marka 4:22




"Ary lazaiko aminareo fa hampamoahina ny olona amin'ny andro fitsarana noho ny amin'ny teny foana rehetra izay ataony." Matio 12:36




"Fa Izaho kosa milaza aminareo fa izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga taminy tampony sahady." Matio 5:28




"Koa amin'izany aza matahotra azy ianareo; fa tsy misy afenina izay tsy haseho, na takona izay tsy ho fantatra." Matio 10:26















"Aza mety hofitahina ianareo; Andriamanitra tsy azo vazivazina, fa izay afafin'ny olona no hojinjany." Galatiana 6:7








"Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay; fa ny marina ho any amin'ny fiainana mandrakizay." Matio 26:46


"Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy." Apokalypsy 20:15

## INDRO METY HO TAHAKA IZAO NY FIAINANAO

"Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra, " 2 Petera3:9



"Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra." Jaona 3:3



"Avia ary hifandahatra isika, hoy Jehovah: Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, Dia ho fotsy tahaka ny orampanala, Na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, Dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy." Isaia 1:18




"Fa Kristy no anton'ny ahavelomako, ary ny fahafatesana no hahazoako tombony." Filipiana 1:21




"Zava-dehibe eo imason'i Jehovah Ny fahafatesan'ny olony masina." Salamo 116:15




"Fa araka ny voasoratra hoe: Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho an'izay tia Azy " 1 Korintiana 2:9

<table>
<tr><th colspan="2">NY BAIBOLY DIA MANAMBARA FA TSY MISY AFA-TSY LALANA TOKANA IHANY NO AHAZOANA FAMONJENA</th></tr>
<tr><td colspan="2">Hoy Jesosy:” Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako.” Jaona 14:6</td></tr>
<tr><td>TSY MISY OLONA HAFA AFAKA MAHAVONJY ANAO.<br>MINOA AN’I JESOSY ANKEHITRINY!<br>“satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena ianao.” Romana 10:9<br>1. Maneke fa mpanota ianao. Romana 3:10<br>2. Irio marina ny hiova sy handao ny fahotana (fibebahana). Asan’ny Apostoly 17:30<br>3. Minoa amin’ny fo marina fa Jesosy dia maty nombohana tamin’ny hazo fijaliana nisolo toerana hitondra ireo fahotanao ary nitsangana tamin’ny maty. Romana 10:9-10<br>4. Miresaha amin’I Jesosy ankehitriny,ampidiro ao amin’ny fiainanao izy ary angataho izy ho Mpamonjy anao. Romana 10:13<br>AHOANA NY VAVAKA ATAO<br>Ry Tompo velona ô,mpanota aho , mila ny famindramponao aho .Mino aho fa ianao</td><td>Jesosy dia nandatsaka ny ranao ho ahy ary maty nohon’ny fahotako.Hilaozako avokoa ireo fahotako.Tompo Jesosy ô,manaiky anao aho hiditra ato am-poko ankehitriny hamonjy ahy.Amena<br><br>Raha nangataka tamin’I Jesosy ny hovonjeny ianao dia fiandohana fiainana vaovao ho anao miaraka aminy izany.Manomboka izao:<br><br>1. Vakio isan’andro ny Baiboly mba ahafantaranao bebe kokoa ny amin’I Jesosy.<br>2. Miresaha (mivavaha) amin’Andriamanitra isan’andro.<br>3. Meteza atao Batisa ary miaraha amin’ireo mpino kristianina mba hankalaza sy hidera an’Andriamanitra ao amin’ny fiangonana izay mitory an’I Jesosy sy mametraka ny tenin’Andriamanitra ho herimahefa farany.<br>4. Resaho amin’ny hafa ny momba an’I Jesosy.</td></tr>
</table>

# TENA MISY NY LANITRA




**TOHINY-TAPANY FAHA 2**

**« TE HITENY AMINAO AHO »**

Tena nahery vaika ny fanatrehan'ny Tompo ny alin'ny 19 Janoary tao an-tranoko ka nahatonga ahy nangovitra,sempotra sy reraka nandritra ny ora iray,avy eo naheno feo aho.Ny feon'ny Tompoko sy Mpamonjiko ve izany?Nihodina teo amin'ny ondana aho mba hijery tandrify ilay feo ka indro teo,anaty hazavana mamirapiratra,nahita endrika miakanjo fotsy aho.Ny famirapiratana izay mivoaka avy amin'io endrika tsy fantatro io dia tsy nahafahako nahita mihitsy ny endriny,kanefa ao am-poko dia fantatro fa nahazo fahalalahana manokana ahazo fitahiana avy amin'iTompo aho.

*Ahoana no ahatongavan'izao amiko?* manontany tena aho no sady mangovitra mafy sy mitomany am-pitiavana sy am-pifaliana.

Ny Tompo iny-Andriamanitry ny Lanitra sy ny Tany-ary nifidy ny hamangy ahy manokana izy tamin'io sehon-javatra hafa io.Mahatsiaro ho tena kely sy bitika aho eo anatrehany ka tsy nahatanako intsony ny ranomaso tsy ho latsaka.

***"Ry zanako vavy,Choo Nam,Izaho no Tomponao,ary te hiresaka aminao aho.Ianao no zanaka vavy malalako hatramin'ny ela"***

Ny fiantraikan'ny feony,ny teniny sy ny hafatra-ny izany dia namely ahy niaraka tamin'ny hery mihoatra ny voa-janahary izay nahatonga ahy mihitsy ho fanina.Vao maika nahatonga ahy nangovitra bebe kokoa izany ary nahatsapa ny fanahiko miala amiko aho.Nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho sy nandika izay voalazako mazava tsara.

Nivonkina teo amin'ny sisim-pandriana aho mba tsy ahatonga ny vadiko, Roger izay matory eo akaikiko ho taitra .Nandritra ny fotoana elaela,dia nanontany tena aho nahoana ny vadiko no mijanona rendremana kanefa dia hazavana tena mamirapiratra no nanazava ny efi-trano ary izaho koa dia nangovitra be saika hampienjera ny fandriana mihitsy.Nefa noho izany fotoana manokana nihaonako tamin'i Tompo izany dia tsy taitra tamin'ny torimaso mihitsy i Roger.

Niteny tamiko tamin'ny feo feno fanantenana sy tsy mihambahamba indray ny Tompo***:"Ry zanako vavy,tena zanaka mpankato ianao;ka omeko fanomezam-pahasoavana manokana,izay hahasoa ahy ary ahitanao fifaliana ihany koa"***. Nanomboka teo dia fantatro fa nifidy ahy Andriamanitra mba hanatanteraka asa lehibe amin'ny anarany ka izany no ho tonga tanjona tokana ho ahy.Fantatro fa tsy manana na inona na inona omena ny Tompo aho afa-tsy ny Foko sy ny Fiainako ary te hanao izay tiany hataoko sy halehako aho amin'izay toerana hitarihany ahy.Alina fanekena, fihaikana sy fankasitrahana izany.Ny Tompoko tsara dia nanomboka niteny sy namboraka tamiko ny sitrapony.

Nijanona tsy nangovitra ny tenako ka nahatsiaro ho anisan'ny alina fahafahan-tsasatra tena milamina izay tsy fahitako nandritra ny taona maro izany .Ny Ampitso ,nahatsiaro ho voaosotra sy voatahy aho satria nifanena mivantana tamin'i Tompo aho.Ny maraina,nanontany ny vadiko Roger aho raha nahatsapa sy nandre zavatra izy nandritra ny alina.Nihivikivin-doha izy ka nanao hoe:"tena nahazo torimaso lalina aho".

Nifidy ahy ho amin'ny asa Voatokana Andriamanitra. Tena tsy takatry ny saina sy tena mampangitakitaka izany.Nanokatra ny Baiboly tao amin'ny Jaona aho ka namaky ny teny mampiontana izay nifanandrify tamin'ny faminanian'ny Pasteur Randolph:" *Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona. "* (Jaona 15:16).

Nifidy ahy Andriamanitra mba andeha sy hitondra vokatra maharitra.Izany no faniriako lehibe indrindra mihoatra izao tontolo izao.Ny teniny,ny fanatrehany sy ny fanosorany dia nanamarina ny antsony teo amin'ny fiainako.Nanolotra ny foko hankato an'i Tompo aho nanomboka teo na inona na inona no vokany.

Tamin'io fotoana io,nifantoka tamin'ireo andinin-tsoratra masina ireo aho*: "Hianareo no sakaizako, raha manao araka izay andidiako anareo. Tsy hataoko hœ mpanompo intsony ianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa efa nataoko hœ sakaiza ianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo."* (Jaona 15;14-15 ) .

Nohamarinin'Andriamanitra tamiko ny teniny tamin'ny faminanian'i Pasteur Randolph tamin'ny alalan'ny Baiboly.Niverina tato an-tsaiko ny teny nambaran'io Pasteur io hoe:"*Tsy ho ambaranao avokoa izay asehon'Andriamanitra aminao.Hitahiry tsiambaratelo ianao.Andriamanitra hiteny aminao zavatra sasany ho an'ny olona.Hivavaka sy hangata-javatra ho an'ny olona ianao,ary ho tohananao am-bavaka ireo satria*

*ho lasa naman'Andriamanitra ianao,faminaniana marina,ho naman'Andriamanitra, naman' Andriamanitra ihany.Hampiseho anao tsiambaratelo momba ny fiainan'olona maro sy izay ataony eny an-tany izy.Amin'ny taona 1996 ihany koa ,miomana ianao handray osotra faminaniana vaovao eo amin'ny fiainanao.Mandritra ny taona vaovao,raha hiandry ny Tompo ianao,dia hanome anao fanahy vaovao izy ary hisy osotra faminaniana hidina aminao*"

Ankehitriny,tanteraka izany faminaniana izany,ary tena tsy haritro ny ahafantatra izay holazain' Andriamanitra amiko .

**FAMINANIANA TANTERAKA**

Ny 20 janoary dia taitra teo anelanelan'ny tamin'ny telo ora sy efatra ora maraina aho. Ny fahatsapako ny fahatongavan'Andriamanitra dia nanaitra ahy tamin'ny torimasoko. Izaho dia mbola rendremana fa tampoka teo,ny feon'Andriamanitra no nanaitra ahy tanteraka, hoy Izy tamiko***: "ry zanako vavy, hamangy anao matetika aho alohan'ny hahataperan'ny asa. Mila maka aina ianao mandritra ny tontolo andro. Manana hevitra maro hitondrako anao aho. Hampiasaiko amin'ny fomba mahagaga ianao, nefa mila fotoana hahafahanao miomana amin'ny asa niantsoako anao. Tokony ho soratanao avokoa izay renao isaky ny famangiako".*** Ireo fisehon-javatra ireo dia nahatalanjona ahy, ka nahalasa eritreritra lalina ahy ny amin'ny hamangiany ahy matetika.

Ny nisehoany tamiko voalohany dia efa tena nahagaga ahy, nefa dia nilaza izy fa mbola hamangy matetika hahafahany manomana ahy amin'ny asa tiany hampanaovina ahy.

Tampoka dia tampoka no nialany tao an'efitranoko, tahaka ny nahatongavany ihany. Sady tsy nahita intsony aho no tsy nandre ny feony. Nitsahatra ny fangovitako. Ireo teniny feno fahatokiana sy famangiany mahafinaritra dia namela fiadanana sy filaminana ary fahalinana ho ahy.

Tahaka ny hoe nihanika tendrombohitra iray lehibe tao amin'ny tany nahaterahako aho, tany Korea, ka afaka nitsinjo toerana amina kilaometatra maro eo am-pifohana ny rivotra tsara sy madio. Ny fanahiko dia feno fifantohana, ny foko ravoravo, ary izaho dia nahatsiaro ho velona sy miadana. Tapaka ny hevitro fa hanaraka izay nolazain'Andriamanitra aho satria fantatro fa mitarika ahy Izy.

**ORA IRAY FENO HERY**

Niverina indray ireo seho ireo ny ampitso vao maraina be. Teo anelanelan'ny tamin'ny roa ora sy telo ora maraina, dia taitra tampoka aho. Ny vatako dia nangovitra tamin'ny fomba tsy voafehy, ary izaho dia tera-tsemboka. Tsapako ny fahatongavan' Andriamanitra.

Hoy ny Tompo: ***"Ianao dia zanako malalako, hiaraka aminao foana aho na aiza na aiza alehanao, tiako amin'ny maha ianao anao ianao."*** Izaho dia nitsotra, ary nigoka tanteraka ireo teniny. Talanjona ary nankafy fatratra teo anoloan'i Tompo aho.

Hoy indray Izy***:"homeko ny tanjaka izay ilainao amin'ny asa hampanaoviko anao ianao. Homaniko hanompo ahy ianao. Handrovitra ny vatanao rehefa mikoriana ao anatinao ny tanjaka. Hampiasaiko ny fanahinao mba hahafahanao manompo ahy tanteraka ."***

Andro vitivitsy teo aloha dia nanonofy nananika tendrombohitra iray aho. Rehefa tonga teny amin'ny faratampony aho dia afaka nitsapa ireo habakabaka. Nampahatsiahivin'ny Tompo ahy io nofiko io, ary nohazavainy tamiko ny dikany ara-panahy.

***"rehefa manatanteraka ny asa amin'ny anarako ianao dia ho tonga eny amin'io faratampony io"*** hoy Izy tamiko.

Nametraka fanontaniana tampoka taminy aho, fanontaniana voalohany hatramin'izay namangiany ahy.

"*Tompo o! inona no tianao ataoko, tsy mahalala na inona na inona mikasika ireo asa ireo aho?*".

"***hitarika anao aho ary hanoro anao izay rehetra tiako ataonao***"

"*ary ny vadiko*?"

"***aza manahy ny aminy ianao, hitahy azy aho ary hiasa aminy ihany koa***".

Feno fanomezan-toky avokoa ireo teniny no sady manafaka tanteraka. Tsapako fa manome tanjaka ho ahy koa ny herin'Andriamanitra. Io maraina io, rehefa nijanona tsy niresaka tamiko intsony Izy dia nitsahatra ihany koa ny fangovitako.

**NIREDAREDA HO AN'ANDRIAMANITRA**

Ireo zavatra niseho ireo dia nameno hafaliana ny foko. Ny foko dia ravoravo ary ny fanahiko dia feno fahalinana tahaka ny an'ny zazakely. Izaho izay tsy dia nahatoky tena loatra dia nanjary afaka tanteraka. Tsapako fa ny ho aviko dia nihavao tanteraka,satria ny fanantenako sy ny nofinofiko dia niankina tamin'i Tompo. Ny farany dia nanana ny tena fiainana marina aho, fiainana feno fanantenana tanteraka.

Ny 25 janoary dia niresaka tamiko ny Tompo tamin'ny telo ora ka hatramin'ny efatra ora maraina. Tamin'izay dia taitra nialohan'ny nahatongavany aho, ary natory moramora teo am-pandriana ka nahatsapa

fa hihaona amin'ny Tompoko sy Mpamonjiko indray. Nanomboka nangovitra aho tamin'ny telo ora maraina tsy diso.fantatro nanomboka teo fa tsy ho ela dia ho avy hamangy ahy ny Tompo. Nianatra nihaino ny fahatongavany aho, ary rehefa nitodika tany amin'ny toerana fisehoany matetika aho dia nahita azy.
Ny famirapiratany, ny feony mahery ary ny fitiavany dia mitondra ho any amin'ny tontolo hafa foana. Resy lahatra aho fa izany no fanjakana mandrakizay ka ny fotoana sy ny velarantany dia tsy hisy dikany ary ny zavatra rehetra sy materialy dia tsy hanan-danja.Izany no Fanjakan'Andriamanitra-mamirapiratra sy milamina-toerana izay ahazoan'ny fiainana lalana vaovao sy tanjona hafa.Lalana avy any an-danitra ho ety an-tany.
Nitohy ny fangovitako nandritra ny 20 minitra. Nanomboka ho napetrako ho fanovana ara-panahy izany.Nameno ny hozataitra,ny hairafibatana,sy ny taova rehetra amin'ny tenako ny herin'ny Fanahy Masina.Nofenoiny ny afon'ny herin'Andriamanitra aho.
Mety toa izany mihitsy ny fahatsapan'ny Apostoly tamin'ny andron'ny pantekosta raha nanao batisan' ny Fanahy Masina sy ny afo tamin'izy ireo ny Tompo. "*Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany*." Asan'ny Apostoly 2:2.Rehefa tonga ny fanatrehan'Andriamanitra dia misy zavatra mahagaga sy mahafinaritra manomboka miseho amin'ny fiainantsika.
Io alina io,dia niteny tamiko tamin'ny fomba tapitr'ohatra Jesosy nanao hoe***:"Izaho no Tomponao,ry zanako vavy,tiako ra hihaino ny teny rehetra ambarako ianao,sy hitadidy izany.Rehefa ho soratanao izany,dia soraty araka ny teny marina.Mbola rendremana ianao,fa mitandrema amin'ny teny rehetra izay hambarako aminao.Hamangy anao matetika aho amin'ny fotoana ho avy satria manana asa lehibe ampanaoviko anao aho.Ianao no zanaka nofidiko ho amin'io tanjona io koa miomana ianao."…Mbola hitohy*.**

## ANDININ-TSORATRA MASINA TSARA HO TADIDINA



- Salamo 119:105

Fanilon'ny tongotro Sy fanazavana ny lalako ny teninao.

- Jaona 3:16

Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo nomeny ny Zanani-lahy Tokana , mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay .

### MITADIAVA AN'I JEHOVAH

- Salamo 34:10

Na dia ny liona tanora aza tsy ampy hanina ka noana. Fa izay mitady an'i Jehovah kosa dia tsy ho orin-java-tsoa akory.

- Salamo 105:4

Mitadiava an'i Jehovah sy ny heriny Katsaho mandrakariva ny tavany.

Asan'ny Apostoly 17:27

mba hitady an'Andriamanitra izy, raha tàhiny hahatsapa ka hahita Azy, kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy;

### FITADIAVANA

- Filipiana 4:6

Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra.

- 1Petera 5:7

ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miahy anareo (Sal. 55.22).

- 1Jaona 3:17

Ary izay rehetra manam-pananana amin'izao fiainana izao, ary mahita ny fahantran'ny rahalahiny ka mihirim-belona aminy, ahoana no itœran'ny fitiavana an'Andriamanitra ao anatiny?

## FANDAHARAM-POTOANA FAMAKIANA NY BAIBOLY ISAN'ANDRO
## Desambra 2010



MARIHO AMIN'NY (X) IZAY TOKO SY ANDININY VOAVAKINAO AHAFAHANAO MANOHY NY MANARAKA NY AMPITSO

| DESAMBRA 2010 | | | |
|---|---|---|---|
| **DATY** | **TESTAMENTA TALOHA** | **X** | **TESTAMENTA VAOVAO** |
| 1 | Genesisy 1:1-3:24 | | Matio 1:1-25 |
| 2 | Genesisy 4:1-6:8 | | Matio 2:1-23 |
| 3 | Genesisy 6:9-8:22 | | Matio 3:1-17 |
| 4 | Genesisy 9:1-11:26 | | Matio 4:1-17 |
| 5 | Joba 1:1-3:26 | | Matio 4:28-5:16 |
| 6 | Joba 4:1-7:21 | | Matio 5:17-37* |
| 7 | Joba 8:1-10:22 | | Matio 5:38-6:18 |
| 8 | Joba 11:1-14:22 | | Matio 6:19-34 |
| 9 | Joba 15:1-17:16 | | Matio 7:1-23 |
| 10 | Joba 18:1-19:29 | | Matio 7:24-8:17 |
| 11 | Joba 20:1-21:34 | | Matio 8:18-9:8 |
| 12 | Joba 22:1-24:25 | | Matio 9:9-34 |
| 13 | Joba 25:1-28:28* | | Matio 9:35-10:15* |
| 14 | Joba 29:1-31:40 | | Matio 10:16-11:1 |
| 15 | Joba 32:1-34:37* | | Matio 11:2-24 |
| 16 | Joba 35:1-37:24 | | Matio 11:25-12:21 |
| 17 | Joba 38:1-39:30 | | Matio 12:22-37 |
| 18 | Joba 40:1-42:17 | | Matio 12:38-50 |
| 19 | Genesisy 11:27-14:24 | | Matio 13:1-23 |
| 20 | Genesisy 15:1-17:27 | | Matio 13:24-35 |
| 21 | Genesisy 18:1-19:38 | | Matio 13:36-58 |
| 22 | Genesisy 20:1-22:24 | | Matio 14:1-21* |
| 23 | Genesisy 23:1-24:27* | | Matio 14:22-15:11* |
| 24 | Genesisy 24:28-25:18 | | Matio 15:12-39 |
| 25 | Genesisy 25:19-27:29* | | Matio 16:1-20 |
| 26 | Genesisy 27:30-29:35 | | Matio 16:21-17:13 |
| 27 | Genesisy 30:1-31:18* | | Matio 17:14-27 |
| 28 | Genesisy 31:19-32:32 | | Matio 18:1-20 |
| 29 | Genesisy 33:1-35:29 | | Matio 18:21-19:12 |
| 30 | Genesisy 36:1-37:36 | | Matio 19:13-26 |
| 31 | Genesisy 38:1-40:23 | | Matio 19:27-20:16 |

*Mitohy amin'ny vakiteny manaraka ambany ny hevitra